A MANARINA NY LAVO. Galatiana 6:1a.

- ❖ Tsy miresaka fahotana itolomana isika eto na fikomiana fanahy iniana, fa fahadisoana na fisolafahana.
- ❖ Inona no nampianarin'i Jesosy momba ny fanarenana ny rahalahintsika sy ny anabavintsika? Matio 18:15-17.

B TANDREMO NY FAKAM-PANAHY. Galatiana 6:1b.

- ❖ Mialoha ny hanakianantsika ny hafa noho ny fahadisoany dia tsy maintsy mandini-tena isika. Mety ho nanao fahadisoana mitovy aminy ve aho? Raha eny, ahoana no tiako hataon'ny hafa amiko rehefa lavo aho?
- ❖ Tsy misy olona tsy ho lavo mihitsy, satria samy manana ny toetra maha-mpanota ny tsirairay. Manaporofo izany ny tantaran-dry Davida, Petera sy ireo hafa ao amin'ny Baiboly (1 Korintiana 10:12)

B MIFAMPITONDRÀ IZAY MAHAVESATRA. Galatiana 6:2a.

- ❖ Amporisihina isika mba hanampy ny hafa hitondra ny enta-mavesany. Izany enta-mavesatra izany dia mety ho fahadisoana ara-môraly mbamin'ny vokany, na aretina ara-batana, na olana ara-pianakaviana...
- ❖ Manana adidy hihevitra ny hafa ny kristiana tsirairay, satria samy singa mandrafitra ny Fiangonana (1 Korintiana 12:26).

D MANATANTERAKA NY LALAN'I KRISTY. Galatiana 6:2b.

- ❖ Manana adidy hihevitra ny hafa ny Kristiana tsirairay, satria samy singa mandrafitra ny Fiangonana (1 Korintiana 12:26). Matio 22:36-40.

E SAMY MITONDRA NY ANJARA ENTANY AVY. Galatiana 6:5.

- ❖ Ny "entana" voalaza eo amin'ny andininy faha-5 dia toy ny entana entin-tsambo, na toy ny kitapo am-bamben'ny miaramila, na toy ny zaza ao am-bohoky ny reniny.
- ❖ Misy karazana entana izay tsy misy afa-tsy ny tena no afaka mitondra azy. Ohatra, ny fahamelohan'ny feon'ny fieritreretana, na entana hafa izay Andriamanitra no hany afaka manampy antsika hitondra azy.

F MAMAFY SY MIJINJA. Galatiana 6:7-8.

- ❖ Azontsika atao ny tsy hiraharaha an'Andriamanitra, saingy tsy azontsika vazivaziana Izy. Izy no Mpitsara marina izay hamaly antsika araka izay nafafintsika eto amin'ity fiainana ity.
- ❖ Ireo izay miaina mba hitady fahafaham-po ho an'ny fanirian'ny nofony dia haringana. Ireo izay miaina mba hahafa-po ny fanirian'Andriamanitra dia ho velona mandrakizay.

G MANAO SOA HO AN'NY HAFA. Galatiana 6:9-10.

- ❖ Ny asa soa ataontsika dia mahakasika vondron'olona anankiroa:
  - — <u>Ny olona tsirairay:</u> Ny olona tsirairay dia noforonin'Andriamanitra, ary maty ho an'ny olona rehetra Jesosy. Noho izany dia mendrika ny hampiantsika ny olona rehetra, na inona na inona firazanany, na lahy izy na vavy, na inona fokony sy toerana misy azy...
  - — <u>Ny fianakavian'ny mpino:</u> Io dia vondron'olona manokana, satria ny mambran'ny Fiangonana rehetra dia rahalahy sy anabavintsika. Mpianakavy ao amin'ny fianakaviana iray isika, ka tokony hifanasoa amin'ny fomba manokana.